# Ilay Voa Tsara Nafafy 07 Desambra 2018

7 **Zoma**
desambra

**Ary Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, fa tsy misy hafa... Ary na zovy na zovy no hiantso ny anaran'i Jehovah dia ho afa-mandositra.** Joela 2. 27 ; 3. 5

**Vaovao mahafaly : raisina na lavina**

Ilay Mpahary antsika dia te ho fantatsika tsirairay hoe Ray be fitiavana sy lavorary. Saingy te hahaleo tena isika ary nandà an'Andriamanitra, ka tsy nahazo io fifandraisana mahasambatra io. Dia manameloka antsika tsy misy fanafana izany fihetsika izany.

Izao no vaovao mahafaly : Andriamanitra no manatona antsika, fa tsy miandry antsika hanatona Azy. Manatona antsika Izy, ao amin'i Jesosy Kristy, Izay miteny amintsika hoe : „Mankanesa atỳ amiko" ; „Izaho no làlana sy fahamarinana ary fiainana ; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako" (Matio 11. 28 ; Jaona 14. 6).

Mety hiteny angamba ianao hoe : „Jesosy Kristy ve ? hataoko inona Izy ? Nahoana aho no hino Azy ? Salama tsara aho, matanjaka, ary na izany na tsy izany, tafavoaka tsara aho na tsy misy Azy aza !" Nefa dia samy tsy hisy lanjany, na ny fahaizanao na ny hambonao, rehefa hiseho eo anatrehan'Andriamanitra ianao…

Mifanohitra amin'izany, hisy kosa hilaza hoe : „Tsy afaka hino aho hoe liana amiko Andriamanitra, satria tena ratsy loatra aho. Nanao hadalana be aho, ary mahamenatra ahy na dia ny hiresaka azy ireo aza, hizaka ny vokatr'izany aho mandritra ny androm-piainako." Tsy izany mihitsy anefa, fa tena mihevitra anao Andriamanitra. Te hamela ny helokao Izy, ary te hanampy anao hanomboka fiainana vaovao. Nataony ho ahy izany, ary azony atao ho anao koa.

Ny mandà tsy hibebaka sy tsy hino dia fanaovana tsinontsinona an'i Jesosy Kristy, ilay fanomezana mahatalanjona indrindra nataon'Adriamanitra ho an'ny olona. Nohelohin'Ariamanitra sy nofaiziny Jesosy Kristy, hisolo toerana antsika. Raha mandà tsy handray io tolotra io, dia minia mijanona ho meloka. Mifanohitra amin'izany kosa, raha manaiky io tolotra io, dia mahazo famelan-keloka avy amin'Andriamanitra, ka manjary zanany malalany, dieny ankehitriny ary ho mandrakizay. Hanao izany dingana izany ve ianao, izao dia izao ?